# MOFONAINA 01 NOVAMBRA 2024 – Titosy 1:1-4

**FANDAHARANA:**

- **Fsy F:** Salamo 119:89-96
- **Hira:** 537
- **Vavaka**
- **Hira:** 210/1
- **Soratra Masina:** Titosy 1:1-4
- **Hira:** 175/1.5
- **FMSM**
- **Vavaka**
- **Hira:** 489/1
- **Tsodrano**

---

## Titosy 1:1-4

## 1 – NY BOKY

1.1 **Fandraisan'anjaran'ny tsirairay**

1.2 **Fanampiny**

- **Taona:** 63-66 T.K.
- **Mpanoratra:** Paoly.
- **Titosy:** Grika (Galatiana 2:3), ara-panahy dia zanak'i Paoly izy (Titosy 1:4). Tao Kreta no nanendrena an'i Titosy. Epistily Pastoral ity epistily ity, nosoratana tany Makedonia na Efesosy.

**Antony nanoratana:** Fiangonana vaovao ny tao Kreta, ary dia nilaina ny fanitsiam-pitondran-tena sy ny fampianarana ny fitondran-tena Kristianina. Toy ny epistily rehetra

nosoratan'i Paoly dia asongadiny koa ny filazana ny fahasoavana ho antoky ny famonjena (toko fahatelo).

Ireo teny manamarika ny boky: Mpamonjy (in-6), na izy + Andriamanitra (Titosy 1:3) na + Kristy Jesoa (Titosy 1:4). Ny hoe "fampianarana tsy misy kilema" sy "fahononan-tena." Lazainy fa ny fitambaran'ny fampianarana tsy misy kilema sy ny fahononan-tena no mahatonga toe-panahy araka an'Andriamanitra, ary ny vokatry ny fampianarana tsy misy kilema dia fitondran-tena sy asa tsara.

1.3 **Drafitry ny boky**

- 131- **Ny fitantanana sy fandraharana ao amin'ny Fiangonana (Tit 1:1-16)**
- 132- **Ny fitondran-tenan'ny Fiangonana (Tit 2:1-15)**
- 133- **Fitondran-tena ara-piaraha-monina sy ny fahasoavana (Tit 3:1-15)**

---

# 2 – FAMARITANA NY TEKSTA SY RAKI-BOLANA

2.1 **Famaritana ny Teksta**
Ity teksta ity dia ao anatin'ny fizarana milaza ny fitantanana ny Fiangonana. Tapany voalohany izay manokatra ny Epistily ary mamaritra ny fitondran-tenan'ny mpitarika. Fanolorana fiarahabana.

2.2 **Voambolana**

- **Finoana (1:1)**: "Pistis" – finoana mifamatotra amin'ny fankatoavana ny fifidianan'Andriamanitra; miorina sady mahavokatra fitondran-tena tsara. Pistis dia azo adika koa hoe matoky sy mandresy lahatra.
- **Fanantenana (1:2)**: "Elpis" – miresaka ny fanantenana ny fiainana mandrakizay eto. Ny Elpis eto dia tsy faniriana fotsiny fa fanantenana azo antoka miorina amin'izay efa

nolazain’Andriamanitra (teny fampanantenana).

---

## 3 – IREO HEVITRA MANAN-DANJA AZO AVOAKA AVY AMIN’NY TEKSTA

**Ampifanojoana amin’ny lohahevitry ny perikopa volana Novambra**

3.1 **Ny fandraisana ny fiantsoan’Andriamanitra amin’ny fanetren-tena sy amin’ny fijoroana tsy misy henatra:** Aoka hanompo amin’ny faharesen-dahatra ho olom-boantso isika ary hanompo amin’ny fanetren-tena fa tsy filam-boninahitra (Tit 1:1).
3.2 **Ny fahasahiana mijoro amin’ny fahamarinana efa nampianarina sy nianarana:** Fahamarinana mitarika amin’ny fiainana sy toe-panahy araka an’Andriamanitra; aoka hiorina sady hivelona amin’ny fiainana feno fahamasinana araka ny fampianarana izay nomena (Tit 1:2).
3.3 **Ny fananana toe-panahy feno fanantenana miorina amin’ny fahatokiana ny Tenin’Andriamanitra:** Aoka tsy handeha amin’ny fihetseham-po, fa tena tarihin’ny Tenin’Andriamanitra ka tsy hiala amin’izay efa antenaina na inona na inona mitranga. Andriamanitra tsy mandainga no niteny (Tit 1:2).
3.4 **Ny fanatanterahana ny fanompoana niantsoana araka izay nampanaovina sy mifanitsy amin’ny sitrapon’Andriamanitra:** Aoka ho feno fahavononana hanatanteraka ny fanompoana nampanaovina isika, ary ataovy araka izay nandidin’Andriamanitra izany (Tit 1:4).
3.5 **Ny fanehoana fifandraisana lalina toy ny ankohonana iray noho ny finoana:** Aoka ho tena fiainana ny fanononana ny hoe “ry havana malala ao amin’ny Tompo” (Tit 1:5).